COMMUNIQUE DE PRESSE

[Ihorombe, 05 Août 2008]

La Région Ihorombe, en phase avec le suivi de la vulnérabilité

Ihosy – La région Ihorombe boucle cette semaine la série de renforcement de capacité sur la Gestion des Risques et des Catastrophes et le système de suivi de la vulnérabilité. Les maires et agents des Systèmes d'Information Communaux des 26 communes de la région sont tous regroupés à Ihosy pour bénéficier de la troisième et dernière session de formation dispensée par CARE dans le cadre de l'appui au Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes (BNGRC). Le but est de promouvoir l'appropriation de la Gestion des Risques et des Catastrophes par les collectivités - notamment des enjeux des activités de mitigation et de suivi de la vulnérabilité locale cadrant le Système National d'Alerte Précoce (SNAP). Pendant deux jours, ces responsables communaux avec l'encadrement des techniciens de CARE évalueront leurs efforts en matière de GRC depuis leur première séance de formation au mois de Mai. Ils finaliseront également l'élaboration de leur plan de mitigation. Cette dernière formation permettra également à ces maires et agents SICs de se recycler sur les techniques de collecte et de transmission des données. A l'occasion, les agents SICs de la région Ihorombe seront dotés de gilets afin de faciliter leur travail de collecte de données.
A savoir, le suivi de la vulnérabilité et l'alerte précoce se basent essentiellement sur la pertinence des données collectées et la rapidité de la transmission de ces données.
Une quarantaine d'indices/indicateurs sont collectés au niveau de chaque commune. La région Ihorombe avec la volonté des responsables et autorités à tous les niveaux a réussi le premier à rassembler les données complètes pour toutes ses communes. Les données sont actuellement au niveau du BNGRC pour analyse socio-économique.

Ny faritra Ihorombe, Iohalaharana amin'ny fanarahamaso ny faharefoan'ny mponina

Ihosy – Mifarana amin'ity herinandro ity ny fampiofanana ireo Ben'ny tanana sy ireo tompon'andraikitry ny SIC mikasika ny fitantanana ny loza voajanahary sy ny fampiodinana ny rafitra fanarahamaso ny faharefoan'ny mponina. Nasaina ho eto an-tampon-tananan'Ihosy avokoa ireo ben'ny tanàna sy ireo tompon'andraikitry ny SIC manerana ny kaominina 26 eto amin'ny faritra Ihorombe - hanatrika ny fampiofanana fahatelo sady farany iarahana amin'i CARE. Tafiditra ao anatin'ny fanampiana ny Birao Nasionaly mitantana ny Loza Voajanahary (BNGRC) hampiodina sy hampaharitra ny rafitra fanairana mialoha ny loza izao asa izao. Tanjona ny hiainan'ny mponina tanteraka ny fahaizana mitantana ny loza, indrindra ny fanatanterahana ny asa fanalefahana izany ary ny fanarahamaso ny faharefoan'ny mponina. Mipetraka moa izao ny rafitra nasionaly fanairana mialoha ny loza na ny SNAP. Mandritry ny roa andro iofanan'ireo tompon'andraikitra ireo no hanaovana ny tomban'ezaka ny zava-bita mikasika ny fitantanana ny loza isaky ny kaominina taorian'ny fiofanana voalohany natrehan'izy ireo tamin'ny volana May. Ho vitaina amin'io fotoana io ihany koa ny fandrafetana ny drafitrasa fanalefahana ny loza isaky ny kaominina sy ny fizohina ny asa efa vita. Amin'ity fampiofanana farany iarahana amin'i CARE ity ihany koa no hanamafisana ny fahaizamanao mikasika ny fanangonam-baovao eny amin'ny kaominina sy ny fomba fampitana izany.
Hozaraina « akanjo Gilet » ihany koa ny tompon'andraikitry ny SIC hanamora ny asan'izy ireo amin'ny fanangonam-baovao eny amin'ny kaominina misy azy
<Zava-dehibe ny fanangonana antontam-baovao feno sy ny fampitana izany haingana eny amin'ny isan'ambaratonga hampahomby ny fanarahamaso ny faharefoan'ny mponina sy hisian'ny fanairana haingana isorohana ny loza.
Tondro 40 no angonina isaky ny kaominina. Lohalaharana ankehitrio ny faritra Ihorombe amin'ny fanangonana azy ireo. Feno ny antontam-baovao ilaina isaky ny kaominina ary efa eny anivon'ny BNGRC amin'izao fotoana izao izany ho hadihadiana.

Autre information: Nanou FIANKINANA, Responsable Communication – 033 11 809 60